



# FOMBA TSARA FISOROHANA SY FITANTANANA NY ARETINA FANDAZO

Toromarika tsara arahin'ny mpamboly



## TENY FAMPIDIRANA

Ny Fandazo dia areti-mandoza manimba ny voly ovy ary mahavoa ihany koa ny voly hafa toy ny voatabia, angivy, baranjely, tsaramaso, voanjo, paraky sy maro hafa. Ny vokadratsin'ny aretina dia ny fihenana'ny vokatra azo ary mety tsy misy azo raisina mihitsy aza. Ny fisian'ny otrikaretina ao anatin'ny ovy dia manaratsy ny kalitaom-bokatra, mitarika fahalovana ka tsy afaka tehirizina. Raha tsy voafehy ny fiparitahan'ny otrikaretina dia mety hiteraka valan'aretina amin'ny fotoana fohy mandripaka ny voly tsy mahatanty azy. Izany dia mitarika fatiantoka goavana ho an'ny mpampoly sy ny mpamokatra ka mitarika fiantraikany amin'ny harinkaren'ny tokantrano iray, ny faritra mpamboly, ny tontolo ambanivohitra ary ny harikarena faoben'ny firenena.

Mba ahazoana vokatra tsara, mila matanjaka sy salama tsara ny voly. Ny fitantanana tsara ny fambolena sy ny fampiharana ireo fomba tsara hisorohana ny aretina dia mandray anjara amin'ny fahatsaran'ny vokatra. Ny tanjona kendrena amin'izany dia ny fanapahana ny tsingerim-piainan'ny otrikaretina Fandazo.

Ity bokikely ity dia manoro anao ireo fomba tsara tokony hatao hisorohana ny aretina Fandazo sy hamerana ny fiparitahan'ny otrikaretina.


# FANOMANANA MIALOHA NY FOTOAM-PAMBOLENA

1

**MISAFIDY ZANAK'OVY SALAMA AVY AMIN'NY KARAZAN'OVY MAHATANTY ARETINA, VOAMARINA TSY MISY OTRIKARETINA FANAZO ATAO MASOMBOLY**

Fitiliana tsotra :

Apetraka amin'ny toerana mafana (28-30°C) anaty kitapo mihidy tsara ny santionan'ny zanak'ovy atao masomboly ary ahotrika mandritra ny herinandro farafahakeliny. Raha misy mando sy tsiranoka fotsy mivoaka ny mason'ovy, na lo sy mamofona maimbo ny ovy dia tsy azo atao masomboly ny toko (lot) nanaovana fitiliana



2

**MISAFIDY TANY SALAMA TSY MBOLA NAHITANA SORITR'ARETINA FANAZO ARY VOAMARINA TSY MISY OTRIKARETINA**

Fitiliana tsotra :

- Raha misy malazo ny tsipolitra (ahi-dratsy) maniry eo amin'ny tanimboly dia ahiana misy otrikaretina
- Azo atao ihany koa ny mamafy voam-botabia eo amin'ny tanimboly ka raha misy mandazo ny voly voatabia dia ahiana misy otrikaretina

3

- ESORINA NY AHI-DRATSY SY NY FAKOFAKO EO AN-TANIMBOLY
- MANAMBOATRA LAVA-PAKO VOATOKANA ARY DORANA NY FAKOFAKO



4

**AMAININA TSARA NY TANIMBARY IRAY VOLANA FARAFAHAKELINY MIALOHA NY FOTOAM-PAMBOLENA**

5

**MANAO FANAMBARANA NY FAMOKARANA MASOMBOLY OVVY EO ANIVON'NY SAMPAN'ASA MIANDRAIKITRA NY FANARAHAMASO NY FAMOKARANA MASOMBOLY (ANCOS)**

6


**MANAMBOATRA TATATRA ARO RIAKA** mba tsy hivarinan'ny tany avy eny ambony entin'ny riaka eo amin'ny tanimboly (satria mety ho tany misy otrikaretina)

## TOROMARIKA AMIN'NY FOTOAM-PAMBOLENA

7

**TSY SILAHINA NY ZANAK'OVY FA ZANAK'OVY SALAMA FENO, VOAMARINA FA TSY MISY OTRIKARETINA FANDAZO NO AMBOLENA**

Ny fanilahana ny zanak'ovy dia manome vahana ny fidiran'ny otrikaretina maro



8

**SASANA ANATY KOVETA MISY RANO MIFANGARO EAU DE JAVEL NY TONGOTRA NA NY KAPA MIALOHA NY HIDITRA SY MIVOAKA NY TANIMBOLY**

Fatra : Rano (10 litratra) + Eau de javel (2 sotrokely)

Amboarina isaky ny hampiasa ny fangaro ary ampiasaina ao anatin'iray andro ihany. Saromana sy atao amin'ny maloka tsy avela azon'ny hafanana sy masoandro ela fa manjary very ny heriny.

Mba tsy handotoana ny tontolo iainana dia angonina amin'ny koveta mivelatra ary avela mihahaka amin'ny rivotra sy masoandro mandritra ny herinandro ny rano misy eau de javel avy nampiasaina ary ariana anaty lava-pako voatokana ho an'ny fako avy eny an-tanimboly.



9

**MITONDRA DOLOMITA (2,5KG/Ara) AMIN'NY TANY HAMBOLENA NY OVY**



10

**MITONDRA ZEZI-PAHITRA NA KAOMPOSTA SALAMA BETSAKA HANATSARA NY TANY.**

Trandrovina tsy hisy fako na zavamaniry misy ny otrikaretina fandazo





11

**TONDRAHANA AMIN'NY RANO AZO ANTOKA FA TSY MISY OTRIKARETINA NY VOLY.**

12

**FADIANA NY MANASA NY FITAOVAM-PAMOKARANA AMIN'NY RENIRANO MANDEHA NA NY RANO FANONDRAHANA**

13

**DIOVINA NY FITAOVAM-PAMOKARANA MIALOHA SY AORIAN'NY FAMPIASANA AZY.**

Fomba 1 :

**Sasana amin'ny rano misy eau de javel Rano (10 litratra) + Eau de javel (2 sotrokely)**

Toa ny teo ambony ny fikarakarana sy fitandremana atao amin'ny fampiasana eau de javel

Fomba 2 :

Ampandalovina maharitra amin'ny lelafo mahamay tsara ny fitaovana mba hamonoana ny otrikaretina miraikitra aminy.



## FIKARAKARANA MANDRITRA NY FITOMBON'NY VOLY

14

**ILAINA NY FANDALOVAN'NY MPITSIRIKA MPANARA-MASO NY FAMOKARANA MASOMBOLY FOTOTRA ARAK'IZAY VOALAZA ANATY "REGLEMENT TECHNIQUE"**

15

**ARAHINA HATRANY IREO FE-PETRA VOALAZA EO AMIN'NY TEBOKA FAHA-8, FAHA-11, FAHA-12, ARY FAHA-13**

16

**TANDREMANA TSY HARATRA NY FAKA SY NY FOTOTRA REHEFA MANOHOKA NY TANY AMIN'NY FOTOANA HITONDRANA ZEZIKA OREA**



17

ESORINA ARY TSY HAJANONA EO AN-TANIMBOLY NY AHI-DRATSY FA TONGA DIA ARIANA AVY HATRANY ANATY LAVA-PAKO VOATOKANA, ARY DORANA AVY EO.



18

ASIANA MARIKA TSATOK'HAZO NA KOFEHY NY VOLY MAMPIAHIAHY MAMPISEHO FAHALAZOANA ARY ARAHINA MASO NY FIVOARAN'NY ARETINA

19

- REHEFA VOAMARINA NY FISIAN'NY SORITR'ARETINA FANAZO DIA ESORINA AVY HATRANY NY VOLY MIARAKA AMIN'NY FAKA REHETRA, NY ZANAK'OVY ARY NY TANY MANODIDINA AZY.
- TATERINA IZANY ANATY SINY VOATOKANA, ARIANA ANATY LAVA-PAKO VOATOKANA ARY DORANA FA TSY ALEVINA NA AVELA ENY AMIN'NY TANIMBOLY, NA ARIANA ANATY TATATRA.
- SASANA AMIN'NY RANO MISOY EAU DE JAVEL NY FITAOVAM-PIASANA NA AMPANDALOVINA MAHARITRA AMIN'NY LELAFO ARAKA NY VOATONDRO EO AMIN'NY TEBOKA FAHA-13





## TROMARIKA EO AMIN'NY FOTOANA IADINA NY VOKATRA

20

- ATOKANA NY OVY TSARA ENDRIKA SY SALAMA ARY TSY AFANGARO AMIN'NY OVY AHITANA RATRA
- ARIANA SY DORANA AVY HATRANY ANATY LAVA-PAKO NY OVY TSY SALAMA (LO, AHITANA TSIRANOKA NA MAMOFONA) FA TSY AVELA ENY AN-TANIMBOLY NA ARIANA ANATY TATATRA



## TROMARIKA EO AM-PITAHIRIZANA NY ZANAK'OVY ATAO MASOMBOLY

21

- TSARA RAHA TILIANA NY FAHASALAMAN'NY ZANAK'OVY ATOKANA HO MASOMBOLY MIALOHA NY ITAHIRIZANA AZY
- ARAHI-MASO MATETIKA NY FAHASALAMAN'NY ZANAK'OVY MANDRITRA NY FITAHIRIZANA. REHEFA AHITANA FAHALOVANA SY SORITR'ARETINA DIA ARIANA SY DORANA ANATY LAVA-PAKO AVY HATRANY ARY ATOKANA TSY ATAO MASOMBOLY INTSONY NY OVY SISA AMBONY AMIN'NY TOKO

## TROMARIKA FANAMPINY

- TSY AZO AMPIASAINA ATAO ZEZIKA KOMPOSTA NY FAKOFAKOM-BOLY MISOY OTRIKARETINA AO ANATY LAVA-PAKO MBA TSY HIPARITAHAN'NY OTRIKARETINA
- TSY AZO OMENA HO SAKAFON'NY BIBY FIOMPY NY OVY MARARY
- TSARA RAHA HAMPIFAMPIDIMBIASANA NY KARAZAM-BOLY TSY MAMPIATRANO NY OTRIKARETINA FANDAZO
- MAZOTOA MANISO ZEZI-PAHITRA NA KOMPOSTA, ARY NY MANISO OREA



**FOMBA TSARA  
FISOROHANA SY FITANTANANA  
NY ARETINA FANDAZO**

**Toromarika tsara arahin'ny mpamboly**

**Nanoratra sy namolavola**

**Dr. RAVELOMANANTSOA Santatra**  
Mpikaroka ao amin'ny Sampam-pikarohana  
momba ny fambolena FOFIFA-DRA



**Nanampy tamin'ny fanoratana**

**RASAMIMANANA Noelinantenaina Andry**  
Tompon'andraikitry ny Ivon-toerana CEFFEL

**RANDRIANIRINA Harimandranto**  
Mpanolokevitra amin'ny famokarana ovy - Ceffel

